



Fampitsimohana ny vary na prégermination

Ajanona milona anaty rano ny ambezo ka atao 1/2 ny alaliny ny vary ny rano eo ambony na sahala amin'ny ranombary ho andrahoina. Dia avela indray andro raha mafana ny andro ary 2 na 3 andro raha mangatsiaka. Mila tazana mangar angarana ny tsimoka amin'ny voambary vao ajanona. Dia ariana ny rano ary sasana in2 na in3 ny vary mba hanala ny fofona . Ariana tanteraka ny rano ary atao anaty gony ny vary dia ahotraka amin'ny toerana mafana tsy azondrivotra mba tsy ahamaina ny voa mandritra 1 andro monja dia ampy. Tsy lava ny tsimoka amin'izay fa mibontsina ivelany ho dibary fotsiny. Tonga dia afa ny ambezo eo no eo.

Zeziika

Zeziika urée 500g/ara iray herinandro aorian'ny famafazana, atao fafy katrana.

Fanongotana

SRI: 8 andro aorian'ny namafazana, sorohina amin'ny angady na pelle.
SRA: 15 andro aorian'ny namafazana

♦ **Tanimbary**

SRA

Fiasana ny tanimbary:

Maro ny fomba fiasana tanimbary: bainga arahina hery sahala amin'ny

tanirabaraby fa lalina kokoa (20sm), na revorevo amin'ny Kubota indrindra ho any tanimbary jebly.

Lomahana, dioivina ary ampitoviana tanatana ny tanimbary

Fanetsana

Daty : 10 may – 10 jona raha jebly aty amin'ny faritra Boeny fa mety hafa ny amin'ny faritra hafa

Fomba fanetsana : 2 isampototra

Mielanelana 20sm x 20sm

Zeziika

Ny famafazana urée dia ahazoana tombom-bokatra kokoa

Fatra : - 100kg/Ha raha urée perlée, atao indroa mamafy : ny antsasany alohan'ny ketsa ary ny antsasany 30 andro aorian'ny ketsa ;

- 50-60 kg/Ha raha urée granule, voany iray ho an'ny fototra efatra, asitrika 7sm amin'ny andro anetsana ka hatramin'ny 7 andro aorian'ny ketsa.

Fikojakojana ny voly

Indray na indroa miava ny vary ary 20-30 aorian'ny nanetsana ny ava voalohany ary 20-30 andro aoriana ny faharoa raha ava tanana no atao

Raha mampiasa sarclouse kosa dia io no mahasolo ilay ava voalohany dia arahina tanana amin'ny faharoa



Toy izany koa raha mampiasa herbicide dia amin'ny fotoan'ny ava voalohany no atao dia arahina ava tanana amin'ny faharoa. Herbicide 2,4D no fahita indrindra ary 1- 1,5L/ha no fatrany. Misy koa ankehitriny ny herbicide "Naman'ny vary" ka araho ny toromarikika eny amin'ny tavoahangy.

SRI

Fiasana ny tanimbary: Mitovy amin'ny SRA ihany fa ny fampitoviana tantana ny tany no manatombo satria mila atao marindrano ny tanimbary .

Fomba fanetsana: 1 isampototra ary raisina miaraka amin'ny tany ny zana-bary 8 andro

Elanelan-ketsa: 30sm x 30sm

Fikojakojana ny voly:

Fiavana: mila avaina amin'ny sarclouse ny voly mba hampisy rivotra ny fakan'ny vary no mba tsy hampaniry ahitra mihitsy.

Folo andro aorian'ny ketsa no fiavana amin'ny sarclouse voalohany ary averina in2 na in3 mielanelana 10 andro. Ritina matetika ny tanimbary mba ampisy rivotra ny fakambary

Zeziika : raha araka daholo ny fepetra momba ny zana-bary tanora sy ny fiavana matetika ary ny fandritana rano maro izany ka tsy mila manampy zeziika

♦ **Fiarovana ny voly**

Fiarovana amin'ny voalavo

Ny voalavo no fahavalo voalohan'ny vary manitra ka maromaro no fomba iarovana azy:

Arodana ny tomoro na diguette taloha ary manamboatra vaovao

Asiana elanelana 40 sm miala amin'ny tomoro na diguette ny ligne na ketsa

Avaina tsara any voly mba tsy ampisy lobolobo anelanelan'ny lignes

Dioivina (faucardage) matetika ny tomoro na diguettes mandrapialan'ny vary eny antsaha

Asiana poizimboalavo eny ambony diguette

Fiarovana amin'ny bibikely Ireto ny fanafody sy ny fatra aza ampiasaina :

Decis EC 25: 250-300 sl/ha

Dursban 4: 750-1000 sl/ha

Sumithion 5 PP: 10 kg/ha

FILAN-KEVITRA :
Mbolarirosoy RAKOTOMALALA
Tobim-pikarohan-paritra
FOFIFA Mahajanga
Tel : 0391114318 - 0325990846
E mail : mbolarrosoy@yahoo.fr



**FOFIFA
VARY MANITRA 1**



**FOFIFA
VARY MANITRA 2**



VARY MANITRA
Lalamarotra any ivelany






Atolotry
ny FOFIFA ho anao,

Ireo torolàlana
momba ny fambolena
vary manitra na
riz aromatique

- ♦ FOFIFA Vary manitra 1
- ♦ FOFIFA Vary manitra 2



FANAMARIHANA MANOKANA

♦ Natokana ho an'ny tanimbary midirano sy voafehy

Ireto vary manitra Fofifa Vary manitra 1 sy FOFIFA Vary manitra 2 ireto dia natokana ho an'ny tanimbary midirano sy voafehy ary fomba fambolena manarapenitra no tsara ho azy.

♦ Mitovy lenta amin'ny karazam-bary BASMATI :

Ny hanitra sy ny toetran'ny voam-bary (lava manify (long grain slender), mangarana tanteraka (translucide), fotsy, malefaka andrahoina). Nefa manantombo be amin'ny Basmati izy ireo satria mamokatra ary mamaly zezika raha toa ka ambany ny vokatra azo amin'ilay voalohany.

Ny antsipiriany ireo toetrany ireo dia hita ao amin'ny fiche de caractérisation natao ho an'ny tsirairay amin'izy ireo.

♦ Loharanon-karena

Ireto vary type Basmati ireto dia lafo vidy na eto antoerana na indrindra eo amin'ny seha-barotra iraisam-pirenena. Anisan'ny loharanon-karena tsara izany izy ireo. Ity torolalana ity dia natao indrindra ho an'ireo afaka mamokatra sy manondrana na mahita lalambarotra any ivelany.



FOMBA FAMBOLENA

Mety amin' ny fomba fambolena amin'ny tany midirano na SRA na SRI ireto vary manitra ireto.

- ♦ Tsinjiriana manokana nefa fa manintona ny voalavo ny hanitra ny ka mila arovana amin'izany : manomboka amin'ny tanirarabary; eny antanim-bary rehefa bevohoka sy mamony ka hatramin'ny fijinjana; eny na ao amin'ny fitehirizana aza .

♦ Rara-bary (pépinière)

. Diovana ny manodidina ny tany rara-bary ary tsy asiana lolobolo mba tsy hisian'ny voalavo. Potehina ny tomoro (diguette) taloha ary aleo manao vaovao fa tranom-boalavo ireny.

. Amboarina toy ny mahazatra ny tanirarabary: bainga sy fanapotehina ny tany amin'ny angady, na charrie, na masinina.

Fatran'ambezo:

- . 6 kg ho an'ny tanimbary 1 Ha raha SRI .
- . 20-30kg ho an'ny tanimbary 1 Ha raha SRA

Haben'ny tanirarabary :

- . 1 ara raha SRI
- . 2-3 ara raha SRA



Thermothérapie na fiarovana ny zanabary amin'ny aretina amin'ny alalan'ny rano mafana

Fomba naelin'ny FOFIFA mba hisorohana ny aretina entin'ny olatra na bakteria, sady tsy misy fandaniana no mora fampiasa ary tsy mandoto ny tontolo iainana.

Alohan'ny hampitsimohana ny vary ambezo dia sasana ary alona rano mafana 55°C ny ambezo mandritra ny 20 minitra. Io hafanana 55°C io dia azo raha afangaro ny rano mangotraka 90°C amin'ny fatra mitovy amin'ny rano mangatsiaka. Ohatra: 1 seuu rano mangotraka + 1 seuu rano mangatsiaka

Marihina fa ireto vary manitra ireto dia tsy mahatohitra aretina RYMV sy aretina entin'ny olatra ka ilaina ny fiarovana azy mialoha amin'ny alalan'ny thermothérapie.

TOETOETRA ARA PAMBOLENA

FOFIFA VARY MANITRA 1	
Anarana :	FOFIFA Vary manitra 1
Laharana ao amin'ny tahiry:	4349
Anarana vahiny:	RPSC 148
Fihaviana:	IRRI Philippines
Tsingirim-paniry :	125 andro
Toerana aniriany: ankoraka/ jeby	ankoraka/ jeby
Toetra ara-karazany:	
Haavo:	75 sm
Fotobary:	mijidina
Ravim-bary:	mijidina
Toetoetry ny voa	
Akotry:	
Halavana:	9,9 mm (lava be)
Savalvo:	1,93 mm
Bikan'ny voa L/t	5,1 (manify)
Somotra	tsy misy
Loko	toy ny mololo
Vesatry ny akotry 1000:	22g
Fotsim-bary:	
Halavana:	7 mm
Savalvo:	1,6 mm
Fangaraharana:	100%
Fahamasahany avy nandrahoana:	Tsara
Halavana:	9,1 mm
Savalvo:	2,4 mm
Toetra ara-pambolena	Tsy mihamaka -mamokatra kokoa raha misy zezika
	Tsy mora mihintsana
	Tsy sarotiny
Fanamarihana manokana	Misy fofona manitra sahala ny karazam-bary Basmati
Vokatra azo amin'ny fanandramana	Vokatra be indrindra: 5,5 t/Ha (mihatra amin'ny Basmati: 3,07T/Ha)

TOETOETRA ARA PAMBOLENA

FOFIFA VARY MANITRA 1	
Anarana :	FOFIFA Vary manitra 1
Laharana ao amin'ny tahiry:	4349
Anarana vahiny:	RPSC 148
Fihaviana:	IRRI Philippines
Tsingirim-paniry :	125 andro
Toerana aniriany: ankoraka/ jeby	ankoraka/ jeby
Toetra ara-karazany:	
Haavo:	75 sm
Fotobary:	mijidina
Ravim-bary:	mijidina
Toetoetry ny voa	
Akotry:	
Halavana:	9,9 mm (lava be)
Savalvo:	1,93 mm
Bikan'ny voa L/t	5,1 (manify)
Somotra	tsy misy
Loko	toy ny mololo
Vesatry ny akotry 1000:	22g
Fotsim-bary:	
Halavana:	7 mm
Savalvo:	1,6 mm
Fangaraharana:	100%
Fahamasahany avy nandrahoana:	Tsara
Halavana:	9,1 mm
Savalvo:	2,4 mm
Toetra ara-pambolena	Tsy mihamaka -mamokatra kokoa raha misy zezika
	Tsy mora mihintsana
	Tsy sarotiny
Fanamarihana manokana	Misy fofona manitra sahala ny karazam-bary Basmati
Vokatra azo amin'ny fanandramana	Vokatra be indrindra: 5,5t/Ha (mihatra amin'ny Basmati: 3,07T/Ha)

TOETOETRA ARA PAMBOLENA

FOFIFA VARY MANITRA 1	
Anarana :	FOFIFA Vary manitra 1
Laharana ao amin'ny tahiry:	4349
Anarana vahiny: RPSC 148	RPSC 148
Fihaviana: IRRI Philippines	IRRI Philippines
Tsingirim-paniry: 125 andro	125 andro
Toerana aniriany: ankoraka/ jeby	ankoraka/ jeby
Toetra ara-karazany:	
Haavo:	75 sm
Fotobary:	mijidina
Ravim-bary:	mijidina
Toetoetry ny voa	
Akotry:	
Halavana:	9,9 mm (lava be)
Savalvo:	1,93 mm
Bikan'ny voa L/t	5,1 (manify)
Somotra	tsy misy
Loko	toy ny mololo
Vesatry ny akotry 1000:	22g
Fotsim-bary:	
Halavana:	7 mm
Savalvo:	1,6 mm
Fangaraharana:	100%
Fahamasahany avy nandrahoana:	Tsara
Halavana:	9,1 mm
Savalvo:	2,4 mm
Toetra ara-pambolena	Tsy mihamaka -mamokatra kokoa raha misy zezika
	Tsy mora mihintsana
	Tsy sarotiny
Fanamarihana manokana	Misy fofona manitra sahala ny karazam-bary Basmati
Vokatra azo amin'ny fanandramana	Vokatra be indrindra: 4,48T/Ha (mihatra amin'ny Basmati: 3,07T/Ha)

TOETOETRA ARA PAMBOLENA

FOFIFA VARY MANITRA 2

Anarana :	FOFIFA Vary manitra 2
Laharana ao amin'ny tahiry:	4342
Anarana vahiny:	LST 147 (B) - 204
Fihaviana:	IRRI Philippines
Tsingirim-paniry :	125 andro amin'ny jeby
Toerana aniriany: ankoraka/ jeby	ankoraka/ jeby
Toetra ara-karazany:	
Haavo:	75 sm
Fotobary:	mijidina
Ravim-bary:	mijidina
Toetoetry ny voa	
Akotry:	
Halavana:	9,9 mm (lava be)
Savalvo:	1,93 mm
Bikan'ny voa L/t	5,1 (manify)
Somotra	tsy misy
Loko	toy ny makaloka
Vesatry ny akotry 1000:	25g
Fotsim-bary:	
Halavana:	7 mm
Savalvo:	1,6 mm
Fangaraharana:	100%
Fahamasahany avy nandraholina:	Tsara
Halavana:	9,1 mm
Savalvo:	2,4 mm
Toetra ara-pambolena	Tsy milamaka -mamokatra kokoa raha misy zezika
	Tsy mora mihintsana
	Tsy sarotiny
Fanamarihana manokana	Misy fofona manitra sahala ny karazam-bary Basmati
Vokatra azo amin'ny fanandramana	Vokatra be Indrindra: 4,4t/ha (Basmati: 3,07T/ha) Vokatra azo ao anatin'ny 3 taona : 4t/ha
Fitotoana	80% tsy vaky — 20% vaky

TOETOETRA ARA PAMBOLENA

FOFIFA VARY MANITRA 2

Anarana :	FOFIFA Vary manitra 2
Laharana ao amin'ny tahiry:	4342
Anarana vahiny:	LST 147 (B) - 204
Fihaviana:	IRRI Philippines
Tsingirim-paniry :	125 andro amin'ny jeby
Toerana aniriany: ankoraka/ jeby	ankoraka/ jeby
Toetra ara-karazany:	
Haavo:	75 sm
Fotobary:	mijidina
Ravim-bary:	mijidina
Toetoetry ny voa	
Akotry:	
Halavana:	9,9 mm (lava be)
Savalvo:	1,93 mm
Bikan'ny voa L/t	5,1 (manify)
Somotra	tsy misy
Loko	toy ny makaloka
Vesatry ny akotry 1000:	25g
Fotsim-bary:	
Halavana:	7 mm
Savalvo:	1,6 mm
Fangaraharana:	100%
Fahamasahany avy nandraholina:	Tsara
Halavana:	9,1 mm
Savalvo:	2,4 mm
Toetra ara-pambolena	Tsy milamaka -mamokatra kokoa raha misy zezika
	Tsy mora mihintsana
	Tsy sarotiny
Fanamarihana manokana	Misy fofona manitra sahala ny karazam-bary Basmati
Vokatra azo amin'ny fanandramana	Vokatra be Indrindra: 4,4t/ha (Basmati: 3,07T/ha) Vokatra azo ao anatin'ny 3 taona : 4t/ha
Fitotoana	80% tsy vaky — 20% vaky

TOETOETRA ARA PAMBOLENA

FOFIFA VARY MANITRA 2

Anarana :	FOFIFA Vary manitra 2
Laharana ao amin'ny tahiry:	4342
Anarana vahiny:	LST 147 (B) - 204
Fihaviana:	IRRI Philippines
Tsingirim-paniry :	125 andro amin'ny jeby
Toerana aniriany: ankoraka/ jeby	ankoraka/ jeby
Toetra ara-karazany:	
Haavo:	75 sm
Fotobary:	mijidina
Ravim-bary:	mijidina
Toetoetry ny voa	
Akotry:	
Halavana:	9,9 mm (lava be)
Savalvo:	1,93 mm
Bikan'ny voa L/t	5,1 (manify)
Somotra	tsy misy
Loko	toy ny makaloka
Vesatry ny akotry 1000:	25g
Fotsim-bary:	
Halavana:	7 mm
Savalvo:	1,6 mm
Fangaraharana:	100%
Fahamasahany avy nandraholina:	Tsara
Halavana:	9,1 mm
Savalvo:	2,4 mm
Toetra ara-pambolena	Tsy milamaka -mamokatra kokoa raha misy zezika
	Tsy mora mihintsana
	Tsy sarotiny
Fanamarihana manokana	Misy fofona manitra sahala ny karazam-bary Basmati
Vokatra azo amin'ny fanandramana	Vokatra be Indrindra: 4,4t/ha (Basmati: 3,07T/ha) Vokatra azo ao anatin'ny 3 taona : 4t/ha
Fitotoana	80% tsy vaky — 20% vaky